Fitondrana Rajoelina 2

## Fitondrana miana-draharaha lava izao

Depiote Todisoa 2

## Feno ny fepetra analana ny ben'ny tanàna Vazahabe


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 21 aprily 2022 Laharana 1288 Vidiny : **400 Ar**


Berija 2

## Mangataka hiasa ivelan'ny fonja nahavita sazy 22 /44 volana


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto



Washington 7

# Nahazo tehamaina, tsongo sofina ary mibaby trosa Rajoelina



Vazahabe iray hafahafa koa 6

# Mbola tsy DTN izany aloha hatreto i Dupuis



Fikaonandoham-pirenena 2

# Tokony hatao amin'ny volana mey hoy Joseph Yoland



Rabichoo Land 6

# Nikarakara hetsika hoan'ny ankizy sy rindran-kira



Amerikana nametaveta zaza Malagasy 6

## Hogadraina 40 taona an-tranomaizina any Etazonia

Adihevitra lehibe farany 3

## Samy nanao izay ho afany na i Macron na i Le Pen

**Daka kely**

Ny famafana trosa no tokony hi-werawerana fa tsy fampidiran-trosa ry Boaikely a!

DEPIOTE TODISOA

# Feno ny fepetra analana ny ben'ny tanàna Vazahabe


*Ny depiote Todisoa, tao amin'ny fandaharana Miara-Manonja, tao amin'ny MBS sy ny Radio Mada.*

Feno ny fepetra amin' izao fotoana analana ny ben'ny tanàn'Antananarivo (CUA) Vazahabe Naina Andriantsitohaina, hoy ny depiote avy amin'ny antoko TIM ao amin'ny Boriboritany faha-6, Todisoa Andriamampandry. Hipaoka ny takotra raha mbola tsy ho esorina eo ihany io hoy ny depiote Todisoa. Nanipika teboka iray manokana, manoloana ny fitantanana gaboraraka eo amin'ny kaominina Antananarivo na CUA ny depiote Todisoa tao amin'ny fandaharana Miara-manonja tao amin'ny MBS sy ny Radio Mada, dia ny resaka kolikoly. Rehefa atao hoy izy ny fandaniana na lalàna, na tetibola eo anivon'ny mpanolotsaina dia atao vato miafina. Fahotana mahafaty izany. Tsy misy lalàna mametra izany, fa tsangan-tanana no izy. Manamarina izany ohatra ny lalàna 2015-021, 2018-021 na 2019-021. Fanahy iniana nataon'ny ben'ny tanàna sy ny mpiara-miasa aminy izany anaovana kolikoly. Dia tambazana "carburant" sy vola ny mpanolotsaina izay azo ahodina ny sainy. Ny antoko TIM dia manohitra ary tsy mankasitraka ny fitantanan'ny ben'ny tanàna Naina Andriantsitohaina sy ireo mpiara-miasa aminy. Aelin'izy ireo mantsy ny tsaho fa miara-miasa amin'izy ireo ny TIM. Tsy manana traikefa ny ben'ny tanàna sy ireo mpiara-miasa aminy eo amin'ny fitantanana an' Antananarivo, hoy izy. Potika Antananarivo, fanodinkodinam-bola no atao, toy ny vola 11 miliara ariary nalaina tao amin'ny CNaps, ny fako misavovona. Misy mpanolotsaina tsy mendrika, azo sary, ao amin'ny boriboritany faharoa nitango vola tany amin' ny faha-enina. Miray tsikombakomba amin'ny talen'ny kaominina ny ankamaroan'ny mpanolotsaina. Saonja iray lohasaha, tsy ilaozan'izay hamarara, ny eo amin'ny mpanolotsaina TIM, voavidy vola. Tsy ferana ireo mpanolotsaina sadasada, fa nazavain'ny depiote Todisoa ny mikasika ny antoko, izay araraotin'ny ben'ny tanàna ny fahalemeny. Fako roa taonina isanandro, hetra isankarazany tsy zakan'ny olona, "Fonds de dévelopement local", fanotofana tany tsy ara-dalàna ataon'ny ben'ny tanàna lefitra izay lasa miliaridera, ny tale miandraikitra ny tsena mitango vola, volan'ny zokiolona alaina fotsiny... manahirana daholo izany hoy ity olom-boafidy ity. Ny hany vaha-olana dia ny fialàn'ny ben'ny tanàna. Efa feno ny fepetra analàna azy. Ankoatry ny fanitsakitsahana ny lalàna, eo ny fanitsakitsahana sy fanimbazimbana ny zon'olombelona, ny kolikoly, ny fanotofana tany. Mbola manao antso ny depiote Todisoa ny hanalàna ny ben'ny tanàna, fa raha tsy izany ho apaoka avokoa ny raharaha maloto rehetra.

***Ny Valosoa***

Fikaonandoham-pirenena ho an'ny rehetra

# Tokony ho tanterahana amin'ny volana mey hoy Joseph Yoland

Tsy tokony ho taran'ny volana Mey 2022 ho avy izao, ny fikarakarana ny fikaonandoham-pirenena, mba hahafahana mihaino ny hetahetan'ny vahoaka Malagasy mikasika ny fitantanana ara-toekarena sy ny sosialy hoy Andriamatoa Joseph Yoland Cst teo aloha (Conseil Supérieur de la transition) ary efa senateran'i Madagasikara. Nanohy fanazavana ity olom-boafidy teo aloha ity, fa efa tafakatra 1500 Ar ny kapoakan'ny vary any Nosy-Be Hell-Ville amin'izao fotoana izao ary ahiana mbola hiakatra hatrany ny vidim-piainana, ka hijaly ny vahoaka tsy mandady harona, nohon' ny fivoaran'ny toe-draharaha iraisam-pirenena. Nanamafy Andriamatoa Joseph Yoland, fa tokony hampidirina ao anatin'ny laha-diniky ny fikaonandoham-pirenena ny fampiharana ny rafitra fanorenana ifotony, mba hahafahana manova haingana ny lalàna mikasika ny fitantan-draharaha sy ny toe-karena ary ny sosialim-bahoaka, izay tsy misy tokontaniny intsony amin'izao fotoana izao. Nilaza ity Cst teo aloha ity, fa efa voarain'izy ireo ny hevitry ny manam-pahaizana Malagasy mikasika ny rafitra, izay hitondrana ny firenena kanefa mbola andrasana ny hevitr'ireo olom-pirenena tia tanindrazana, mandritra ny fikaonandoham-pirenena ho an'ny rehetra tsy ankanavaka. Nanohy fanazavana ity loholona teo aloha ity, fa efa nanatona ny Ffkm ity farany ary nifanaiky izy ireo, fa tokony hojerena haingana ny zavatra hahasoa ny vahoaka, fa tsy ny mpitondra mifandimby foana no higoka ny tombontsoan'ny firenena. Nanohy fanazavana ity Cst teo aloha ity, resy lahatra ny Ffkm fa tsy mitombina intsony izany hoe firenena manan-karena kanefa ny mponina ao aminy kosa dia marefo sy mikorontana lava. Nilaza izy, fa raofin'ny firenena mpanjanaka avokoa ny harenan'i Madagasikara ary tsy azon'izy ireo atao ny mampatanjaka ny firenena avy nozanahina vokatr'izany tsy handroso velively i Madagasikara, raha tsy ovain'ny olom-pirenena haingana ny rafipitondrana eto amin'ny tany sy ny fanjakana.

***Franck Razakambelo***


*Ny CST sady senateran'i Madagasikara teo aloha, Joseph Yoland.*

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Fitondrana Rajoelina : fitondrana miana-draharaha lava izao


Ny fitondrana Rajoelina dia miana-draharaha lava izao tato anatin'ny telo taona sy telo volana naha teo amin'ny toerany azy izao. Fitondrana izay tsy mahafehy ny fitantanan-draharaha iandraiketany, fa ny sahaniny ao anaty sehatra samihafa itrangana olana dia tsy mifarana tanteraka amin'iny fa miverimberina hatrany. Ary tena manahirana matetika, dia misy olana goavana amin'izy ireny, izay miafara amin'ny famoizana ain'olona mihitsy. Anisan'izany, ohatra iray, tsy adino ny nisian'ny ain'olona nafoy noho ny fahatapahan'ny jiro teny amin'ireo toeram-pitsaboana natokana ho an'ireo voan'ny ny valanaretina covid-19. Niseho izany ny taona voalohany niparitahan'ny valanaretina teto Madagasikara ny taona 2020. Dia noezahina novahana ny olana, na dia niafinkafina tamin'izany aza ny fitondrana, nilaza ho tsy tomponandraikitra. Mbola niseho indray anefa izany ny taona 2021, tamin'ny fihanaky ny valanaretina andiany faharoa ireny. Nitsaitsaika niàla moramora indray ihany koa ny fitondrana na dia teo aza ny fitarainan'ireo fianakavian'ny marary sy namoy aina.
Ny tranga vao tsy ela no nanamafy ity toetran'izao fitondrana izao ity. Nahatratra 11 ireo olona maty andrano tamin'ny fankalazana ny fetin'ny Paska teo. Noho ny fitsangatsanganana teny an-dranomasina na an-dranomamy no nahatonga ny loza. Iray amin'izany ny nitranga tany amin'ny farihin'i Tatamarina Betafo, izay nisian'ireo olona nandeha sambokely nitsangatsangana teny ambony rano. Noho ny habetsahan'ny isan'izy ireo, izay nihoatra amin'ny isa tokony hoentina dia dobo ilay sambokely. Olona enina teo no namoy ny ainy tamin'izany. Dia tsaroana indray koa ilay nitranga tany Soanierana Ivongo, izay tsy mbola voalaza ho hita ilay mpanamory hatramin'izao efa ambolana maro izay. Nilaza ho nandray fepetra ny tomponandraikitra ny tsy iverenan'ireny toe-javatra mampalahelo toy ireny intsony, kanefa miseho indray ity tany Betafo ity. Nahoana no tsy voafehy ny sehatra amin'ity fandehanana an-tsambokely mitondra olona maro ity eto amin'ny firenena? Dia hiseho hamoaka fepetra indray izao ny tomponandraikitra amin'ity sehatra ity, dia asa indray ny ho tohiny.
Santionany ihany ireo, fa misy tranga maro samihafa toy izany. Anisan'ny iray efa mampanontany tena ny maro, ohatra, ny fiverimberenan'ny trangana krizy eny amin'ny Oniversite eto, manerana ny Nosy. Miverimberina ihany koa ny olana rehefa miseho hitsinjo vahoaka amin'ny fizarana fanampiana tsy mahavita volana. Misy hatrany mantsy ireo voadingana na odian-tsy hita. Efa manangasanga ny hifaranan'ny fepotoam-piasan'izao fitondrana izao, ary tsy misy antenain'ny sarambabem-bahoaka intsony ho amin'ny hihatsaran'ny fiainany. Eny, na dia nidehaka ho nahazo vola fanampiana avy amin'ny Banky iraisam-pirenena sy ny Tahirim-bola iraisam-pirenena aza Rajoelina sy ny ekipany any Etazonia any, tsy zoviana amin'ny maro intsony mantsy ny fomba fiasany. Marihana etoana fa ny vola ho azo avy any Washington dia mbola trosaina ny antsasa-manilany.

***Sôh'son***

Berija

# Mangataka hiasa ivelan'ny fonja, nahavita sazy 22 /44 volana

Nahavita ny saziny 22 volana mahery amin'ny 44 volana i Berija amin'izao fotoana, noho izay antony izay, mangataka hiasa ivelan'ny fonja ny tenany. Araka ny fanambarana nataony tamin'ny gazety, nampitondainy ny fianakaviany : « 44 mois ny saziko dia nahavita 22 mois mahery izaho izay, ka ny ato raha misy voafonja mahavita antsasa-tsazy dia afaka mangataka hiasa ivelan'ny fonja, fa manao pointage ety isan-kerinandro, dia efa any amin'ny tompon'andraikitra io demande na fangatahana io dia matoky ny fianakaviako tsy hanao deux poid de mesure, na fitanilana ny lehiben'ny fonjan'Antanimora. Nangataka amin' ny Mininstry ny Justice sy ny Filohampirenena koa moa ny fianakaviako, mba tsy hisy hisy ny tsindry fa hanana zo mitovy amin'ny detenus na ny olona voatazona rehetra ny tenako. Faharoa, efa nangataka indroa miantoana tamin' ny lehiben'ny fonja ato ny tenako, mba hafindra Maputo, natokana ho an'ny gadra politika, nohon'ny tsy fahasalamako, fa tsy nekeny. Mijaly sy sahirana aho amin'izao fotoana, satria 5 m2 no efitra misy ahy, ka olona 60 mahery no miaraka aty dia sempotra lava aho. Koa mangataka ny famindrampon'ny tompon'andraikitra, mba hijery akaiky izao fangatahako sy ny fianakaviako izao tompoko".


*Dokotera Berija Ravelomanantsoa.*

***Niaina***

## Ny Valosoa sy hadihady

Fitondrana Rajoelina

# Lasa miandrandra fanampiana amin'ny mpamatsy vola mahazatra

Efa lasa fahazaran'ny mpitondra amin'izao Repoblika fahaefatra andiany faharoa izao mihitsy, ny miandrandra fanampiana any amin'ireo mpamatsy vola mahazatra, toy ny Banky Iraisam-pirenena (Banque Mondiale) sy ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena (FMI) na dia teo aza ny vava tsy ambina nataon-dRajoelina Andry tamin'izany fotoana izany. Tsara tsiahivina tokoa ny vava nataony, fa raha mbola ireo mpamatsy vola ireo ihany no ianteherana sy antenaina dia tsy handroso mihitsy i Madagasikara na amin'ny 2030 na amin'ny 2050, na 2060. Vao tamin'ny taon-dasa, 2021, dia efa nidehaka fa nahay nandresy lahatra ny Tale Jeneralin'ny Banky Iraisampirenena, ka nahazo telonjato tapitrisa dolara mahery. Fandresen-dahatra, hono, kanefa vola zon'i Madagasikara avy amin'ilay antsoina hoe « Droit de Tirages Spéciaux » izany. Manararaotra ny tsy fahafantaran'ny vahoaka « valalabe mandry » ny fifandraisana misy eo amin'ity mpamatsy vola iraisam-pirenena ity, sy ny firenena rehetra maneran-tany, ny filohan'ny Repoblika, ka mihebohebo. Famahanan-dalitra ny Malagasy iny fanambaran'ny filohan'ny Repoblika iny. Tsapa sy hita tato anatin'ny telo taona taorian'ny niparitahan'ny valanaretina covid-19 teto Madagasikara ny taona 2020, fa zarin'ny fitondrana Rajoelina Andry miandrandra fanampiana (vatsy tsinjo, tosika fameno, fizarana hani-masaka) ny Malagasy mahantra sy tsy ampy sakafo. Tsara ho fantatra, fa fanampiana avy any ivelany no nahafahan'ny mpitondra nanao izany ary nangatahan'ny Banky Iraisam-pirenena ny tatitra momba ny nampiasana ny vola nomeny. Midika izany fa tsy mahatoky ny fitondrana misy eto Madagasikara ireo mpamatsy vola mahazatra ireo. Amin'izao diandRajoelina Andry any New York, Etazonia izao dia nomena fanampiana manodidina ny efapolo sy dimanjato tapitrisa dolara i Madagasikara, tsy Rajoelina Andry, fa hoentina manarina ny Firenena taorian'ny fandalovan'ny rivodoza sy ny fiparitahan'ny valanaretina (fanamboaran-dàlana, fanarenana ny toe-karena,…). Sokajiana ho « Firenena Mpitari-dàlana » (Pays Pilote) eo anivon'ireo firenena marefo indrindra i Madagasikara. Iaraha-mahalala tokoa fa firenena faran'izay mahantra indrindra maneran-tany i Madagasikara ary tsy azo itokisana amin'ny resaka fitantanana ara-bola ihany koa ny mpitondra eto amin'ity Firenena ity araka ny voalaza etsy ambony. Ny zava-doza dia ny vahoaka ihany no mizaka ny tsy eran'ny aina, satria izay fanampiana zaraina amin'izy ireo dia tsy mahavita herintaona fa zara raha mampitony ny hanohanana ao anatin'ny roa na telo andro. Raha fanamboaran-dàlana no resahina dia dimanjato kilometatra no vitan'io vola fanampiana nomen'ny Banky Iraisam-pirenena sy Tahirimbola Iraisam-pirenena io. Ka hamitàna ny Làlam-pirenena faha-13 sa ny faha-5bis sa…? Milaza moa izao fitondrana izao, fa anisan'ny laaram-pahamehana ny fambolena, ka barazy aiza na lemaka aiza no harenina ny lakandrano mamatsy rano ny tanimbary. Na ireo ihany aza no jerena dia hatahorana indray ny tari-drano an-kihilahila, ka ny very no betsaka. Ka tsy ho "Firenena Mpitari-dàlana" velively i Madagasikara satria tsy hisy vokatra azo antenaina avy aminy, satria telo taona sy tapany izay no nitondrany ny Firenena kanefa dia niiba ny harin-karena faobe, ka sarotra ny hampiakatra ny harin-karena ho miabo ato anatin'ny iray taona sy tapany. Azo inoana ihany koa fa tsy maintsy hisy ny fepetra amin'ny fomba handaniana ny fanampiana noho ny tsy fahombiazan'izao fitondrana izao tamin'ny fitantanam-bola tsy mangarahara, ka nangatahan'ny Banky Iraisam-pirenena ny nanaovana fitsirihana (audit) ny fandaniana. Ny fanantenana dia tsy hiverina indray ny famaritana an'i Madagasikara ho Firenena "tsy mendrika" hampiana noho ny mpitondra ao aminy "tsy mendrika" ny vahoaka ao aminy!

***Andry Tsiavalona***

ADIHEVITRA LEHIBE FARANY

# Samy nanao izay ho afany na i Macron na i Le Pen

Omaly alina no nontanterahana ny adihevitra lehibe farany, na le Grand Debat teo amin'ny kandidà hiatrika ny fifidianana filoham-pirenena Frantsay fihodinana faharoa ny alahady ho avy izao, eo amin'ny kandidà filohampirenena Emmanuel Macron, sy Ramatoa Marine Le Pen. Samy nanao izay ho afany ny roa tonta nandritra izany, ho fandresendahatra farany ny mpifidy Frantsay. Omaly alarobia alina, 5 taona aty aoriana, nanomboka tamin'ny 9 ora alina (tamin'ny 10 ora alina teto Madagasikara), niady hevitra momba ny fifidianana filoham-pirenena fihodinana faharoa tao amin'ny fahitalavitra TF1 sy France 2 indray i Emmanuel Macron sy Marine Le Pen. Gilles Bouleau, mpanolotra vaovao (20H), mapanao gazety avy amin'ny TF1, sy Léa Salamé, mpanao gazetin'ny France 2, no nanentana ity adihevitra ity. Iza amin'ny kandidà roa ireo no hivoaka mpandresy amin'ny alahady 24 aprily? Hatreto manatombo amin'ny tsapan-kevitra na sondage ny filoha amperin'asa, Emmanuel Macron, izay manodidina eo amin'ny 55% ny olona mirona hifidy azy, raha toa ka eo amin'ny 45% eo ho an'i Marine Le Pen. Na izany na tsy izany, tsy fantatra izay mbola ho fiovan-kevitry ny mpifidy Frantsay tao aorian'iny adihevitra lehibe omaly iny, sy rehefa tena tonga tokoa ny androm-pifidianana ny alahady izao.



*Ny kandidà isany, Marine Le Pen sy Emmanuel Macron.*

***Isambilo***

Faha-120 taonan'ny KT Ambatovinaky

# Fananganana fiangonana FLM any Fihaonana Ankazobe no tsangam-bato

Mankalaza ny Jobily faha-120 taonany ny Kristiana Tanora (KT) ao amin'ny Fiangonana Loterana Malagasy Ambatovinaky. Ny daty fanokafafana izany dia ny Alahady 06 Aprily 2022 lasa teo. Ny Tsangambaton'ny Jobily dia ny fanorenana ny Trano Fian-gonana ao Fihaonana distrikan'Ankazobe. Ao anatin'ny Fileovana Ambatovinaky izy ary efa misy Vondrombavaka ao amin'ity tanàna ity, ary tranona Kristiana iray no anaovana fotoam-pivavahana isaky ny Alahady. Araka ny fanapahan-kevitry ny Komitimpiangona-na ao Ambatovaky dia ny Paska faharoa, ny Alatsinain'ny Paska 18 Aprily no nametrahana ny "Vato Fehizoro". Ny Pastora Mpitondra Fileovana Rakotonjanahary Imboasalama, no nisantatra ny fametrahana izany Vato Fehizoro izany. Tontosa soa aman-tsara ny hetsi-ka io andro io, ka isaorana Andriamanitra. Tsy hiasa irery anefa ny Kristiana Tanora fa hifarimbona amin' ny fananganana ny Trano Fiangonana FLM ao Fihaonana ny Fiangonana Loterana Malagasy Ambatovinaky iray manontolo. Ho hampitaina miandalana ihany ny datin'ny fankalazana ny "Ivony" sy ny "Famaranana" ny Jaobily faha-120 taonan'ny KT Ambatovinaky.

Ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra.

***Andry Tsiavalona***

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Ireo antony tsy mampitombina ny vato 53% ho an-dRajoelina amin'ny 2023

**Rahigs Darko :** analyse @ ilay resaka 53% sondage bidon iny :
Efa fantatra moa iny fa préparation psychologique ny olona ary tonga dia ho atao 1er tour dia vita lay raha, ary mihevitra ry zareo fa azo tanterahina mora fotsiny izany @ alalan' ny doublons na koa triplons. Kanefa misy PARAMÈTRES telo(03) be izao ho impossible à gérer ho sarotra faran' izay sarotra miandry ny candidat RAJOELINA sy ny MAPAR @ io éléction 2023 ho avy io :
1) ny vato ho azon' ny candidat RAVALOMANANA @ 1er tour,
2) ny vato ho azon' ireo candidats amin'ny faritra hafa misongadina toa an' i SITENY ohatra,
3) manœuvres sy ny possibilité limités @ mbola hanaovana indray doublons @ élection manaraka eo;
Hazavaina:
• ny isam-bato ho azon' ny kandida Ravalomanana dia tsy afaka ny hiheha izany mintsy @ ireo toerana izay efa zatra mifidy azy, incompressible iny 2060000 voix azony t@ élection 2018 iny, ny tena marina dia tsy maintsy hiakatra be aza ny vato ho azondRavalomanana satria :
.ny olona tsy afaka nifidy azy t@ farany teo dia hanao ny fara heriny mba hahafahany mifidy indray,
.ny olona manimanina ny fitondran' i Ravalomanana dia ho avy hifidy azy indray ,
.ny olona tena leo ity fitondrana ity ka te hanafay an' i Rajoelina (vote sanction) dia ho avy koa ny ampahany hifidy an-dRavalomanana,
. ny zanaky ny TIM vao tonga taona dia ho avy koa hifidy ny candidat Ravalomanana;
Ny vato ho azon' candidat Ravalomanana dia tsy ho latsaky ny 35% @ 1er tour pdtlle 2023 io ary izy dia manao 2e tour ;
• ireo candidats avy amin'ny faritra hafa toa an'i SITENY, sy mety hisy hafa koa dia tena hanahirana mafy ny candidat RAJOELINA, satria ny électeurs tokony hifidy azy dia ho voasarik' ireny candidats ireny ny ampahany tena betsaka indrindra ireo any @ faritra; pourcentage maromaro izany no ho very @ votes Rajoelina;
• ny possibilités sy ny actions heritreretina doublons na koa triplons hatao @ io éléction io koa dia tena ho voafetra ihany, satria efa fantatry ny olona ny méthode @ izany ary tena hiady ny olona hiaro mafy ny safidiny, ka mety ho mailimailo ihany ireo mpanao doublons; ireo entités politiques koa tsy maintsy efa mivonona mafy @ stratégies hiadivana @zany ..
**Yves Tolojanahary:** tandremo fa lay hala-bato mande a... sao d handiso fanantenana ndray ny fifidianana eo toa tsisy reaction mintsy manko na de hita fa misy ary lay halatra b vava... nef ny porofo bobaka.
**Nenitoa Cherie Tentine :** aoka Samy ho mailo ré ! Indrindra isika zanak'i dada.
**Pierre Ramaroson :** Dada'foana'dada'hatrany.
Tex Pastex : enga anie mba handresy dada R8, fa mijaly ny vahoaka malagasy, za mahatsapa fa diso safidy tamin'ny 2018 ny vahoaka sasany.

TONONKALO

## NANDEHA NIVARO-PAHANTRANA ?

Ny fahantran-dRamalagasy indray no ezahina hamidy,
Sady tena arantiranty mba ho tazana eran-tany ?
Mbà misaina sy mandinika , dia mahaiza misafidy:
Lala-mendrika no izory f`aza lalam-poza hatrany !

Dia natoko ho entam-barotra ireo vahoaka sesehena
Izay miantsoantso vonjy sy miandrandra fanampiana ?
Moa dia tena aetry ve ny voninahi-pirenena,
Fa ny hahazo volabe no hany tena faniriana ?

Ianareo no nampahantra , nahatonga antsika ho gisitra,
Nefa avy eo dia mihazakazaka, re manketsy sy mankatsy.
Dia lazainareo f`isika no "modely" , "lohalisitra"
Amin`ireo mahantra indrindra izay tohanan`ny mpamatsy ?

Fomba ambany toy izany , tena hoe mirefarefa,
Izany sisa no azo aseho mba hoenti-manatsara endrika ?
Ry mpitondra o mihevera ! ny vahoaka anie "tsy zefa".
(Ianareo no nahatonga an`ito sambo ho tena rendrika !)

…Raha izao dia miharihary fa hivaro-tanindrazana,
Izay no tetikady farany ho anareo miseho ho mazana.
Koa mialà tsisy hatak`andro f`efa mampihidy vazana
Ny rehetra ataonareo izay tsy ahitana fahombiazana !

**DADAN`i RIANA (18-04-22)**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Rakotobe

Tohin'ny fanofanana momba ny fanaovana savony natao tetsy Bel'Air. Mpikarakara ny depiote Feno Ralambomanana ao amin'ny Boriboritany faha-3 sy ny mpiara-miasa aminy.










Ny hetsika nokarakarain'ny Rabichoo Land teny Andohatapenaka, tao anatin'ny fankalazana ny fetin'ny Paka.





Ny fametrahana ny vato fototry ny fiangonana FLM Fihaonana Ankazobe, ny alatsinainy lasa teo.





# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa


**Ny fameloma-maso ny antoko TIM, notanterahana tany Vavatenina faritra Analanjirofo, nitarika izany ny depiote teo aloha Mananjara Fidison, na ny depiote Rasomotra.**

















AMERIKANA NAMETAVETA ZAZA MALAGASY

# Hogadraina 40 taona an-tranomaizina any Etazonia

Amerikana iray 60 taona antsoina hoe: Maurice Robert Thill, monina any Mandan, any Dakota Avaratra any Etazonia, no nomelohan'ny fitsarana any an-toerana higadra 40 taona an-tranomaizina, noho ny fametavetany zaza Malagasy tsy ampy taona tamin'ny fandalovany teto amintsika. Araka ny fanambarana nataon'ny Ambasadin'i Etazonia eto Madagasikara: “niatrika fitsarana tany Dakota Avaratra, any Etazonia, ny teratany amerikana iray izay nametaveta zaza tsy



ampy taona, nandritra ny fandalovany teto Madagasikara ny taona 2019. Nanapa-kevitra ny hanameloka azy higadra mandritra ny 40 taona ny fitsarana amerikana vokatry ny fiaraha-miasa mahomby teo amin'ny Gendarmerie Nationale – Madagascar, sy ny Polisim-pirenena Malagasy ary ny sampan-draharaha mpanao fanadihadiana ao amin'ny Departemantam-panjakana misahana ny ati-tany ary ny Diplomatic Security Service any Etazonia. Ohatra iray lehibe maneho ny ezaka iombonana amin'ny fiarovana ireo marefo indrindra izao tranga izao, ary manamafy ny fahavononan'ny governemanta amerikana hiara-hiasa amin'ny fiarovana ny Amerikana sy Malagasy manoloana ireo mpihaza ara-nofo. Manamafy hatrany ny fahavononany hiara-hiasa amin' ireo mpiara-miombon'antoka Malagasy i Etazonia, amin'ny fiarovana ny olom-pirenena malagasy amin'izay mety ho hetsika tsy fanarahan-dalàna ataon'ny olom-pirenena amerikanina ary mankasitraka ny fanampian'ny manampahefana mpampihatra lalàna Malagasy, ka nahafahana nitondrana ity olona ity teny amin' ny fitsarana”.

**Stefa**

Sosialim-bahoaka

# Tsy sahirana fotsiny intsony ny vahoaka fa tena faraidiny

Voatery mifehy kibo mafy ny sarambabem-bahoaka noho ny fahasahirana sy ny fidangan'ny vidim-piainana. Na niatrika iny andro Paska iny sy ny fety amin' izany aza, dia natao fotsiny aloha izay ahavitana azy na dia hitrosana aza, na hakana “avance” kely amin'ny mpampiasa, mba hampiova kely ny hitan'ny mason'ny ankohonana fa tsy toy ny isan'andro. Izany hoe niniana nikimpiana aloha, fa avy eo atrehina izay miandry amin'ny karama efa misy fahabangana sy efa tsy mahavita volana akory. Fiainan'ny vahoaka malagasy manao izay ahavelomana isan' andro sisa hatreto. Tsy mbola nisy izany hoe olona miandry sy mangataka ny kadoa kely amin'ny vary vidina eny an-tsenakely izany, raha tsy amin'izao fitondrana ankehitriny izao. Efa maneho faha-faraidiny izany, fa tsy lazaina intsony hoe fahasahirana. Na milaza aza ny fitondrana, ny amin'ny tsy fiakaran'ny vidin'ny solika, ny tsy fihetsehan'ny vidimbary na ny atody, tsy midika izany fa afa-pahasahiranana sy olana ny vahoaka. Ampahany kely dia kely ihany ireo amin' ny fanjifan'ny vahoaka andavanandro. Tamin'izao fitondrana izao, no nidangana ambony indrindra ny vidim-piainana izay manapotika ny fiainam-bahoaka andro aman'alina. Tsy nahavita nampihena ny vidin-javatra ny fiton-



drana, fa fihetsiketsehana fotsiny no be dia be nentina nanasana atidoha ny vahoaka rehefa avy nofitahana tamin'ny fampanantenana poak'aty nandritry ny fampielezan-kevitra. Vonjy tavan'andro fotsiny ihany ny fepetra raisina rehetra hatrany amin'ny fizarana fanampiana amin'ny ampahany vitsy amin'ny vahoaka, fa ny besinimaro sahirana mafy tsy misy mpiahy. Navela hangasihasy irery teo ireo farany ireo, ary anjarany ny miady samirery hiavotany tena. Eny amin'ireny tsenakely eny anivon'ny fokontany ireny no tena ahitana ny fahasahiranana sy ny fahantram-bahoaka. Mihalalina hatrany izany tranga izany kanefa ny tompon-andraiki-panjakana rehetra isan-tsokajiny tsy ahita izany, satria ny azy ireo eny any amin'ny tsenam-barotra lehibe “grande surface”, na any ivelany no manjifa ny entana sy sakafo ilainy isan'andro. Mazava loatra raha toa ka mitaraikiraiky izy ireo mamaha ny sosialim-bahoaka.

**Radafy**

« Tournoi de Pâques National 2022 »

# Omaly alarobia maraina ny fanokafana ôfisialy

Omaly alarobia maraina, no nanokafana ôfisialy ny fifaninanana baolina kitra « Tournoi de Pâques National 2022», natokana ho an'ireo katitakely 8 taona, ka hatramin'ny sokajy U23, izay karakarain'ny ekipan' ny 3FA Avaradrano, tarihan-dRakotonirina Harison Philibert mandritra ny herinandro eny amin'ny Kianjan'ny Fifankatiavana Ankadikely Ilafy, raha efa ny talata teo, no efa nanomboka ireo fifaninanana ho an'ny sokajy U8, U10, U13 ary U15. Santionam-boka-dalao azo tamin'izany:



*Kianja Fifankatiavana Ankadikely Ilafy.*

Sokajy 8 taona : Afc – H+ (0-0), Varatra – Jsa (0-0), Varatra – 3Fa (2-0), Jaboady – Afc (2-0), Ersa – H+ (0-0), Varatra – Varatra 1 (0-0).

Sokajy 10 taona : Ersa – H+ (01-00), H+2 – Afc (0-0), Soldat – 3Fa (0-0), Jaboady –Jsa (0-0).

Marihana fa Faritra 3 no nahatonga mpifaninana dia Analamanga sy Boeny ary Betsiboka.

Faritra Analamanga : 3fa Avaradrano, Fc Viva Antehiroka, Ajesaia Atsimondrano, Afc Ankadikely, Fenohasina Fc Sab/Nam, Jahboady Mena Ambohitrarahaba, Jsa Antanety Ankadikely, Ravinala Ambatomitsangana, Soldat Sab/Nam, Varatra Androhibe, Asa Androhibe, 4fca Andafiavaratra Ambohitrarahaba,Tandem Ambohipanja, Etoile Foot Ambohitrarahaba, Ufa Sab/ Nam, As Sara Antehiroka, Ersa Antanandrano, La Fermata Amboditsiry, Viro Sab/Nam, Antsika Fc Itaosy, H+ Sab/Nam, Bled Manjaka, Lfc Ankadikely.

Faritra Boeny : Fc Tsaramandroso, 3f Miray.

Faritra Betsiboka : Ekar Andriba, Fc Avenir.


**Rainilita**

Vazahabe iray hafahafa koa

# Mbola tsy DTN izany aloha hatreto i Nicolas Dupuis

Mbola manjavozavo tanteraka ny mikasika ny mpanazatran'ny Barea teo aloha, Nicolas Dupuis, izay nanambara nivantana tao amin'ny “média français So Foot ” fa : “ Izaho no notendren'ny Kômity mpanatanteraky ny FMF ho DTN “tale teknika”, tao anatin'ireo kandidà maherin'ny 20 nametraka antontan-taratasy ho fidiana tamin'izany toerana izany”. Fantatra ihany koa, araka ity “media français” ity hatrany, fa efa nandray birao teny Isoraka ny tenany, ka ireo Kômity mpanatanteraka tarihan'ny « aile Alfred Randriamanampisoa », miaraka amin'ireo filohana Ligim-paritry ny baolina kitra miisa 21 izay nanendry SG vaovao tao anatin'ny Fivoriambe nataon'izy ireo tamin'ny 31 martsa 2022 teo, tetsy amin'ny Kianja Barea, no heverina fa nanokatra an'ireo birao teny Isoraka, na dia mbola nivory niaraka tamin'ny FIFA tany ivelany aza ny filoha lefitry ny FMF voalohany, sy ny SG am-perinasa. Hatreto izany dia mbola tsy ôfisialy izany fanendrena an'i Dupuis izany, misy mihitsy ny milaza ireo ao amin'ny FMF fa fanandratan-tena na auto-proclammation no nataony nilaza fa DTN io, na ireo elatra nanao ny fiantsoana ireo ho kandidà amin'izany toeran'ny DTN izany aza, mbola tsy nilaza izany ofisialy. Ka tena Vazaha iray anisan'ny mampihomehy eto amintsika koa ity Vazahabe Dupuis ity, ankoatra an'ilay Vazahabe ben'ny tanànan'Antananarivo, sy ilay ministry ny raharaham-bahiny teo aloha. Tena “drôle” izy ireo, hoy ny fiteny Frantsay mahalaza azy tsara ary ampiasain'ny zatovo koa ankehitriny. Manaraka ity raharaha ity akaiky ny mpitia baolina kitra malagasy ary mbola manara-maso ihany koa ny amin'ity mpanazatran'ny Barea teo aloha ity, fa hatreto aloha amin'izao nahavitan'ny antsapaka amin'ny fifanintsanana CAN Côte d'Ivoire 2023, izay notanterahina tatsy Johannesburg Afrika Atsimo tamin'ny talata 19 aprily 2022 teo izao, ka hiraisan'ny Barea vondrona (E) amin'i Ghana, Angola ary ny Repoblikan'i Centrafricaine dia mbola ny mpanazatra Rabesandratrana Eric hatrany, no mbola ôfisialy mitantana an'ity ekipam-pirenena Malagasy ity. Marihana fa tamin'io antsapaka CAN 2023 io dia nozaraina ho vondrona 12, ahitana ekipam-pirenena 4 ireo firenena 48 mandray anjara, saingy nisy ihany vondrona 2 ny vondrona, ny C sy ny vondrona K, izay tsy hisy afa-tsy ekipa 3, noho ny nampiatoan'ny FIFA an'i Keynya sy i Zimbawe.

**Rainilita**



*Vazahabe iray hafa “tsy nôrma” koa ity Dupuis ity.*

Rabichoo Land

# Nikarakara hetsika samihafa hoan'ny ankizy sy rindran-kira

Notanterahana ny sabotsy 16 Aprily ka hatramin'ny alatsinain'ny Paska teo, ny hetsika izay notanterahan'ny Rabichoo Land teny amin'ny Canal Olympia Andohatapenaka. Hetsika maro isankarazany, no hita teny an-toerana nandritra ireo andro ireo. Isan'izany ny kilalao maro samy hafa izay natokana ho an'ny ankizy, teo ihany koa ny fampisehoana, izay niarahana tamina mpanakanto malaza maro toa an'ny tarika Ambondrona , Mr Sayda, Samoela, ary An-



toko mpihira mpanao Gospel sy ny maro hafa.

Ary ireo tranoeva maro, izay nivarotana ireo sakafo sy tsakitsaky.

Nitondra fankasitrahana ho an'ny mpiara-miasa rehetra nanohana sy nahatanteraka ity hetsika ity ny mpikarakara ary nisaotra manokana ireo izay tonga teny ihany koa. Nampanantena ny tompon-andraikitry ny Rabichoo Land, fa hanatsara kokoa ny fikarakarana izy ireo, ho fanomezana fahafahampo ny rehetra,ka nampanantena fa hanolotra ny tsara indrindra amin'ny taona ho avy.

**Aly**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**09/04/2022 hatramin'ny 16/04/2022**

- **MANJAKARAY** (Lot II D Ter Manjakaray) 020 22 456 78/032 12 456 78
- **TANA** (Antsahavola) 020 22 207 17/033 05 207 17/034 05 207 17/032 05 207 17
- **MAHASOAVA** (Près BNI Antsakaviro) 020 22 329 85/034 14 525 52
- **ANKADIFOTSY** (Ankadifotsy) 020 22 222 07/034 22 222 07/033 85 991 20/032 24 705 51
- **ANALAKELY** (En face TAHALA RARIHASINA) 020 22 236 81/ 033 90 338 34 / 034 48 788 96□

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1288-04-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**WASHINGTON**

## Nahazo tehamaina, tsongo sofina ary mibaby trosa Rajoelina

Nahazo lesona, sinton-tsofina, tehamaina, mibaby trosa, izay no azo andikàna ny fanambarana nataon'ny Banky Iraisampirenena na ny Banque Mondiale, mitatitra ny teny nataon' ny tale David Malpass tamin'ny filoha Malagasy Andry Rajoelina, tany Washington, misy ny foibentoeran'ny Banky Iraisampirenena, sy ny Tahirimbola Iraisam-pirenena (FMI). Nahazo lesona ara-toekarena ity farany manoloana ny fiiban'ny harinkarena, nilazan'ny talen'n y banky iraisampirenena, fa ilaina ny mifantoka amin'ny fambolena sy fanjarian-tsakafo, ka mila velarina ny vokatra hafa ankoatra ny vary eo amin' ny sehatry ny fambolena. Mazava loatra izany raha tena filoha mitsinjo ny vahoakany, saingy an-kevitry ny variana loatra aminjavatra hafa ingahy filoha dia mila atoro, lasa fanafaram-bary no laharampahamehana ho azy sy ny ministra Edgar, fa tsy ny fampitomboana ny voka-barin'ny tantsaha.



*Ny Filoha Rajoelina tany Washington, Etazonia.*

Teo koa dia nambaran'i David Malpass, fa ilaina ny miala amin'ireo mpamatsy rianaratra lafo vidy sy mampijaly vahoaka, sehatra iray tsy ahitàna andro mihiratra ary mampikaikaika hatramin'izay 3 taona sy tapany nitondran'i Andry Rajoelina izay. Notsindrin'ny talen'ny Banky Iraisampirenena ihany koa, fa ilaina fanatsaràna ny lafiny fangaraharahàna, ny lafiny fitantànana ary ny ady amin'ny kolikoly. Dia nofaranany tao anatin'ny fanambarana, fa ilaina ny manao laharampahamehana ny fanaovam-baksiny Covid-19, mba hitondra vokatsoa ara-toe-karena eo amin'ny sehatry ny fizahantany. Iarahamahalala fa tsy mba nanentana ny vahoaka tamin'io fanaovam-baksiny io mihitsy Rajoelina. Tsikaritra araka izany, fa filoha tsy mahay mitantana firenena, tsy mahalala ny laharampahameha ho an' ny vahoaka, ary tsy mitsinjo ny fahasalamany no nitonantonana nangata-bola tamin'ireo mpamatsy vola mahazatra: Banky Iraisampirenena. Ny Filoha Rajoelina, izay efa nanaovana vava be hoe: "tsy mila ireo mpamatsy vola mahazatra ireo fa na 30 taona, na 50 taona, na 60 taona, tsy ho tafavoka raha miantehitra amin'ireo". Izao anefa nandeha nandohalika tany amin'izy ireo, nandeha nitrosa tany ary mibaby trosa hody eto antanindrazana. "Tsy mahalala menatra io o!", hoy ilay hira izay.


***Ny Valosoa***

Faritra Itasy

## Fianakaviana 5000 mahery, mivelona amin'ny famokarana landy

Mampalaza ny faritr'Itasy, indrindra ny distrikan'Arivonimamo ny famokarana lamba landy. Mahatratra hatramin'ny 5000 mahery amin'izao fotoana ny fianakaviana mivelona amin'ity seha-pihariana landy ity any an-toerana. Ho fiarovana ny ala tapia famokarana ny landy, mifarimbona ankehitriny ny fitaleavamparitry ny tontolo iainana sy ny tantsaha, amin'ny fampiroboroboana ny famokarana, landy sy ny fiarovana ary ny fanitarana ny ala tapia. Mirefy 7000 ha ny velaran'ny ala tapia ao amin'ny Faritra Itasy ary fianakaviana maherin'ny 5000, no mivelona amin'ny famokarana landy azo avy amin'ireo ala tapia ireo. Vokatry ny fiaraha-miasa eo amin'ny tompon'andraikitry ny tontolo iainana any Itasy-Bongolava, sy ny Planet Urgence, miroborobo ny fiompiana landy ao Itasy ary manaraka ny fenitra ny famokarana landy izay sahanin'ireo mponina.

***Aly***




*Hazo tapia, fiveloman'ny bibin-dandy.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 391**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0390)


***Mitsivalana***

- Sambatra
- Avia – Ao
- Mololo
- Valala (miv)
- Oh – Ivato
- Ronono (miv)
- Aoka – Aba

***Mitsangana***

- Sampona
- Avo
- Mila – OK
- Baolina
- Lavo
- Taolana
- Ro – Bota (miv)
- Arovy

### TENY MIFANAPAKA N° 391




**Mitsivalana**

**1.** Drakaka – Tan‡na (miv) **2.** Vorona **3.** Sakafon-jaza – Zavamaniry (BR) **4.** Ao amin'ny Baiboly – Kianteny Iharana – Mpanoritra **5.** Nifintina – Tovona **6.** Hazo maro – Hery sy tanjaka **7.** Hita amin'ny biby sasany **8.** Skoto (miv) – Hira masina (miv) **9.** Maimbo, lo (miv) **10.** Mpitily, mpanarangarana

**Mitsangana**

**A.** Tanindrazany **B.** Zava-maniry – Rova (BR) **D.** Tompo Tsitoha **E.** Feo miverina – Tonia (miv) **F.** Malahelo (miv) – Osy bory rambo **G.** Fanontaniana – Mipoaka **H.** Mpiasa mpanampy – Biby fiompy (miv) **I.** Bibikely (miv) – Naoty – Teny mand‡ **J.** Fety fialam-boly (miv) **K.** Alina – Tsy mahazaka toaka (BL)

### Valiny Teny mifanaraka 0390

**Mitsivalana**

**1**.Farara - LMN **2**. (T)ale - Ity, io **3**. Rakitra - As **4**. Ino ? - Reniny **5**. Ta - Sahala **6**. Ha - Iraka **7**. No - Kanefa **8**. Ambarao **9**. Fa(rarano) - Fay **10**. Fokonolona

**Mitsangana**

**A** Faritana **B**. Al‡na - Omeo **D**. Reko **E**. Sakafo **F**. Ritra - Nara (miv) **G**. Atrehina **H**. Ianareo **I**. Faly (miv) - Fo **J**. Mianaka - An **K**. Nosy - Fia

## NY TENY FIAINANA

*"Fa ny filazantsaranay tsy tonga teo aminareo tamin'ny teny ihany, fa tamin'ny hery koa sy ny Fanahy Masina ary ny fahatokiana be, araka ny ahafantaranareo izay toetry ny fitondrantenanay teo aminareo noho ny aminareo".*
***I Tesaloniana 1:5***

**BASKET-BALL**

# Nitombo 3 indray ireo filohan'ny "CEBB Régional"

Mitohy ny fifidianana "CEBB Régional" manerana ny Nosy, ka fantatra izao fa nitombo isa 3 indray ireo filoha voafidy, anisan'ny nahazo an'izany ny "CEBB Régional" ao amin'ny ligim-paritra Bongolava. Tamin'ny sabotsy 2 aprily, no vita ny fifidianana ka Ramatoa ANDRIANJAFIPENO Hobivola Miora na Coach Hoby avy ao amin'ny klioba BCAS Tsiroanomandidy – Sakay no voafidy tamin'izany.



*Ireo filoha vaovaon'ny "CEBB Régional" 3 mianadahy.*

Tamin'ny alakamisy 14 aprily 2022 kosa, no tontosa ny fifidianana tany amin'ny renivohi-paritra Betsimisaraka, ka lany ho Filohan'ny "CEBB Régional" ho an'ny ligim-paritra Atsinanana, an'Andriamatoa RAMALLINGOM Jean Claude na i Coach Daclo avy ao amin'ny klioba COSPN 2 Toamasina.

Ho an'ny Ligim-paritry Alaotra Mangoro indray dia voafidy ho Filohan'ny "CEBB Régional" Alaotra Mangoro, Andriamatoa RAZAFINDRAKOTO Hajamalalanirina Ravelonandro, na i Coach Haja avy ao amin'ny klioba ABBCM - Moramanga.

Mandritry ny efatra taona manaraka izy ireo, no hitantana avy ny "CEBB Régional" any amin'ny ligim-paritry ny taranja basikety misy azy ireo.

**Rainilita**

**« Coupe de Madagascar de Judo 2022 »**

# Nahery ny ekipan'ny Esca tamin'ny ankapobeny

Tontosa tamin'ny faran'ny herinandron'ny Paka lasa teo, teny amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano Antananarivo, ny fifaninanam-pirenena fiadiana ny « Coupe de Madagascar de Judo 2022», ka samy nahatonga solontena avokoa ireo ligim-paritry ny taranja Judo miisa 9 eto amintsika.



*Fanolorana tepana mainty teny Ankorondrano.*

Fantatra avokoa izany ankehitriny ireo nibata ny amboara teo amin'ny sokajy rehetra (Minimes, Cadets ary Juniors sy Séniors), sy ireo anaran'ny tompondakan'ny sokajy "Vétérans" isan-tsokajiny niara-notontosaina tamin' ity fifaninanana ity.

Tamin'ny ankapobeny dia nanjakan'ny Judokas avy ao amin'ny klioban'ny ESCA Analamanga ny fifaninanana, fa nandrombaka medaly niisa 7 izy ireo tamin'izany (volamena 4, volafotsy 1, alimo 2), nanaraka azy ny ekipan' ny ASM medaly 10 (volamena 3, volafosy 3 ary alimo 4), faha-3 ny CCS medaly 3 (volamena 3), faha-4 ny CSF medaly 3 (volamena 1, volafotsy 2), faha-5 ny JEA medaly 2 (volamena 1 sy volafotsy 1), faha-6 ny JCI medaly 2 (volamena 1 ary alimo 1), faha-7ny EJC medaly 2 (volamena 1 sy alimo 1). Samy tsy nibata medaly volamena kosa ireto ekipa manaraka ireto : faha-8 NJA, faha-9 HAK, Faha-10 JCB, faha-11 ASC, faha-12 JAA, faha-12 ex JCM, faha-14 FJA, faha-15 CJC, faha-16 JJT ary faha-17 ny RED.

Voatery naroso tamin'ny zoma 16 aprily ny fanokafana ôfisialy an'ity fifaninanana ity sy ny famaranana sokajy Séniors, hoy izy, noho ny fahatongavan' ny «Invité de marque» dia ny Ambadaoron'i Japon, izay firenena manampy betsaka ny taranja Judo Malagasy teny an-kianja tamin'io andro io ary dia navadika ho tamin'ny andro sabotsy ny famaranana sokajy Cadets sy Juniors (lahy sy vavy), sy ny fanolorana tepana mainty sy fampakarana grady an'ireo mpikatroka mendrika an'izany, ka nisy ny nahazo ny tepana mainty 4e Dan, tepana mainty 3e Dan, tepana mainty 2e Dan ary tepana mainty 1er DAN.

Marihana fa taorian'ity fifaninanana ity dia hisy sahady ireo mpikatroka hiatrika fampivondrona, ho karakarain'ny FMJ, ho fanomanana ny Lalaon'ny Nosy 2023.

Ireo fifaninanana manaraka ho an'ny taranja judo Malagasy kosa dia ao ny : «Tournoi du Capricorne », ho tontosaina amin'ny 18 jona 2022 any Toliara, sy ny « Championnat de Madagascar », ho tanterahina amin'ny volana desambra 2022 ho avy izao.

**Rainilita**

**Ping Pong Pour Tous Mada**

# 46 ireo mpanabe Malagasy nanaraka fiofanana



*Ping Pong Pour Tous Mada.*

Tontosa tamin'ny zoma lasa teo, tetsy amin'ny Académie Nationale des Sports Ampefiloha, ny famaranana ara-pomba ôfisialy ny fiofananan' ireo mpanabe niisa 46, izay hirotsaka eny ifotony hivohy ny etika sy fampandrosoana maharitra amin'ny alalan'ny "Ping Pong pour Tous" eto Madagasikara. Izy ireo no hampiofana sy hampianatra ifotony an'ity taranja ity eto Madagasikara manomboka izao.

Nisy andiany roa ny fiofanana, izay naharitra roa herinandro, ka ny Federasiôn'ny tenisy ambony latabatra niaraka tamin'ny Ans sy Cua ary ny GV Hennebont (club basé en Bretagne) no niara-nisalahy nanatontosa azy.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



**Saosisy sy anandrano** indray, no laoka amin'ny sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Saosisy vita amin'ny henakisoa, na vita amin'ny henomby mety avokoa. Tsara raha hasiana lasary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafody natoralin'ny diabeta ny voana voatavo



Fanafody natoralin' ny diabeta ny voana voatavo, na voana tsirebika.

ZAVATRA ILAINA : Voatavo masaka tsara.

FOMBA FIKARAKARANA AZY : Alaina ny voatavo teo dia sasana madio tsara ary esorina ireo voany. Rehefa vita izay dia mixer-na miaraka amin'ny rano 1 vera ireo voany miisa 10 ary tatavanina, izay vao azo ampiasaina.

FOMBA FAMPIASANA AZY : Sotroina INDRAY vera isaky ny maraina. Adiny 2 na 3 ora alohan'ny sakafo.

FAHARETAN'NY TRAITEMENT : Mandritra ny 7 andro.

FANAMARIHANA : Ilay voany no ampiasaina, fa tsy nofony akory ary tsy voatery maina ny voan'ny voatavo vao mety ampiasaina, na lena aza mety. Mazava ho azy fa isaky ny hisotro dia manao vaovao hatrany. Fanafody DIABETA natoraly mandaitra io. Tsy asiana siramamy akory ilay jus voan'ny voatavo teo.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Maromavo any amin'ny distrikan'i Maintirano faritra Melaky

Ny tanànan'i Maromavo any amin'ny distrikan'i Maintirano faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Maromavo ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 14 mandrafitra ny distrikan'i Maintirano. Any andrefan' ny faritra Melaky no misy azy. Mbola tsy dia avo toerana izy satria 55 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana isan-karazany toy: ny mangahazo, ny katsaka,... Mpiompy omby koa ny mponina any an-toerana.

